# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Mey 2019

# 26 Alahady mey

**Jehovah ô, Ianao no ialofako.** Salamo 31. 1

**Ny saina tsy miovaova dia harovanao amin'ny fiadanana tanteraka, satria matoky Anao izy.**
Isaia 26. 3

## Fantatro, ry Ray

*Fantatro, ry Ray, fa ny fitiavanao*
*Dia nanomana ny zavatra rehetra ho ahy,*
*Ary ny fiovana rehetra,*
*Ny zava-mitranga rehetra, dia baikonao.*
*Ataovy mahay mametraka eo am-pelatananao*
*Ny ampitsoko aho.*

*Arovy aho mba tsy hitebiteby,*
*Aza avela ho tsy afa-po aho, ry Tompo,*
*Na ho maika loatra hanao zavatra*
*Sy hanatanteraka izay fanirian'ny foko.*
*Tariho amin'ny alalan'ny Fanahinao aho,*
*Toy ny zazakely*
*Manetry tena sy mankatò.*

*Tompo ô, ataovy mahay*
*Manokatra ny sandriko sy ny foko*
*Amin'ireo rehetra mijaly aho,*
*Sy amin'ireo zanakao tojo zava-mahory sy mitomany.*
*Aoka aho mba ho irakao feno fanetrentena*
*Ho azy ireo, ry Ilay Andriamanitra Mpiandry.*

*Nampanantena Ianao, ry Andriamanitro,*
*Fa hanampy ahy isanandro isanandro,*
*Mba handeha tsy hanan-tahotra sy ho feno firehetam-po*
*Eo amin'ny lalana mankany an-danitra,*
*Tsy hanana faniriana hafa, rehefa Anao, ry Tompo,*
*Ny voninahitra rehetra !*
*Amena.*

*Ruth Demaurex*